

*“Fotoana mety sady tsara ho amin'ny  
fiendahana ny Karemy”  
(Pape François)*

Prot. MG 28/14

## **Ry Rahavavy malala,**

Taorian'izay fahanginana lava izay dia indro aho anio mitodika amin'ny tsirairay aminareo, voalohany indrindra misaotra tamin'ny tsy fanadinoanareo ahy amin'ny maha-mpirahavavy, tamin'ny vavaka izay nataonareo sy mbola tohizanareo ho an'ny fahasalamako. Azoko lazaina fa tena ny Fitondran'Andriamanitra no nitana am-pitiavana ny tanan'ireo dokotera sy ireo rehetra niara-niasa tamin'ny fitsaboana ahy. Koa amin'ny fo tokoa no isaorako anareo.

Izao dia miantso antsika ny fanombohan'ny karemy , izay manomana antsika amin'ny fankalazana ny Fitsanganan'i Kristy Mpanompy sy Mpanavotra antsika ho velona.

Ny fehezanteny napetrako ery am-piandohan'ity taratasy ity hoe: *“Fotoana mety sady tsara ho amin'ny fiendahana ny Karemy”*, izay hitantsika ao amin'ny hafatry ny Papa François , ho an'ny karemy 2014, no fehin'ity fandinihina izay tiako hifampizarana aminareo ity.

## **Jereontsika i Kristy Mahantra**

Hatransy am-panombohan'ny fitondrany ny Papa no manasa antsika hahatonga nofo ao amintsika ny fahantrana. Azoko antoka fa tsaroantsika ireo teniny voalohany hoe: "tiako ny fiangonana mahantra sy ho an'ny mahantra". Nandritry ity taona voalohany nitondrany ity dia hitantsika fa tonga nofo tao amin'ny fiainany izany teny izany, niainany an-kasahianan an-kerim-po sy am-pahitsiana. Mora ny entanin'ny hafana-po sy midera ny ohatry ny Papa, fa sarotra ny maka tahaka azy, eo am-piainana, am-pandraisana sy ijoroana vavolombelona ny nataony.

Ao amin'ny hafatry ny Papa François ho an'ny Karemy io ihany, no ilazany hoe:

*" aza adinontsika fa ny tena fahantrana dia ren'ny aina: tsy misy dikany ny fiendahana tsy ara-fampijalian-tena. Tsy atokisako ny fiantrana tsy nisy vidiny na tsy ren'ny aina "*<sup>1</sup>.

Matetika no tsapako, ary amin'alahelo mihitsy, fa tena mbola lavitra an'izany idealy izany isika! Aiza ho aiza ny fiainantsika mihoatra ny fiainan'ireo sarababem-bahoaka, ireo fianakaviana tsotra, ireo mahantra izay miatrika ny fivelomana, mitady ny harapaka anio tadiavina anio, mitrongy vao homana, tapi-dalan-kaleha mba ahitana kely ho enti-mody ho an-janany, mitady fomba hahitana sy hitazonana ny asa, ny enti-mitsabo, am-pidirana ny zanany any an-tsekoly... tena lavitra isika. Sakrifisy manao ahoana! fahafoizana toy inona! Tebiteby sy ahiahy isan'andro! ARY ISIKA? ananantsika ve izany traikefa hoe: *fahantrana ren'ny aina e?* inona no ataontsika? Inona no maha-ory antsika, inona no tsy omen'ny fikambanana antsika, ary ny tena loza dia miha "adinontsika" sy alavirintsika ny miaina ny zava misy hany ka matetika ny fiainantsika dia ety ivelany fotsiny "superficielle", miada-poana , "mora" ho antsika ny manindraindra sy mihirahira ny sakrifisy sy fandavantena izay hanangonantsika izao karazan'olana madinika rehetra izao, hiavosa toy ny "tendrombohitra", nefa rehefa fotorona ny zava-misy tsy ory n'inona na inona isika, tsy misy izay tsy azontsika, ary toa tsy ren'ny aintsika akory aza....Indray andro nisy olona iray niteny sady somary naneso ahy, na dia tsy marina tanteraka aza ny nambarany " *Ianareo Relijiozy manao ny voadin'ny fahantrana fa izahay no miaina azy..* Mafy anie zany? sa ahoana? Mety hoe manitatra izy, fa mba jereontsika tokoa anie ny manodidina e....

Ry Rahavavy isany, ahoana no ahafahantsika miaina ny karemy amin'ny fomba toy izany? Ahoana no "ihatrehantsika an'i Kristy izay "nahantra mba hampanankarena antsika tamin'ny fahantrany"( cfr. 2Kor 8,9), dia Ilay "naka ny fomban'ny mpanompo, ka tonga nitovy amin'ny olombelona rehetra"(cfr. Fil 2,7)? Tsy ampy ny fihetseham-po, ilaina ny fahitsiam-pinoana! (miaina izay inoana). Banjino Kristy mahantra

---

<sup>1</sup> Papa Francesco, Messaggio per la Quaresima 2014.

ary mila "*miendaka sy mahafofy*" izay rehetra misakana sy tsy mamela antsika hizotra malaky eo "*amin'ny fanarahana-dia*" an'i Kristy isika.

Nandinika ny Fahadiovam-po isika nandritry ny fotoanan'ny Fihaviana, ary tamin'izany dia efa tsikarintsika fa tsy misy tena hadiovam-po marina raha tsy misy ny fahantrana tena izy. Hoy ny Tompo ao amin'ny Evanjely hoe: "*Izay misy ny harenareo no hisy ny fonareo*" (Mt 6,21).

Raha tsy hita taratra ao amin'ny fo sy ny fiainantsika ny endrika mamy sy mijaly n'i Kristy mahantra, Kristy mahafofy dia azo antoka fa "zavatra hafa", no taratra ao mety "sampy maro", ka fanirian-dratsy, ambom-po, filàna sns no hameno ny fiainana... ireny anefa tsy hahafam-po na oviana na oviana! tsy hanome hafaliana ary tsy ahitana fiadanam-po na fahafahana!

Ny zava-baovao entin'i Papa François dia tsy inona fa ny fombany hentitra, lalina sy mahitsy, miaina izay ambaran'ny Evanjely, ny fahantrana araka ny Evanjely, mahantra mihitsy. Izany no faminaniany izay itarihany an'izao tontolo izao ankehitriny!

### **Manambady ny fahantrana...**

"*Araka ny ohatra navelan'ny Mpanorina, tiavontsika toy ny rindrina mafy orin'ny Fikambanana ny fahantrana, resy lahatra fa ny manambady ny fahantrana dia midika hoe: miaina ny fiainan'ny mahantra. koa hanome toky àry isika ho vavolombelon'ny fahantranan'ny ankohonana, ary raha ilaina, dia mitady fomba vaovao hanehoana izany*"<sup>2</sup>. Miara-mamindra ny fahantrana sy fitiavanamana ho an'i Md L. Orione.

Tao amin'ny misterin'ny Fahatongavana nofo Andriamanitra no "nanambady" ny fahantrantsika, ka tonga iray amintsika sy mitovy amintsika, lasa mpiray tampo amintsika, tonga akaikintsika sy sakaizantsika. Ao anatin'ny fahatsoram-po sy ny fahantrana irery ihany no ahafahantsika manatona ny rehetra: dia ny mahantrana na mpanankarena, ny lehibe na kely, ny olomarina na mpanota. Ny fahantrana mampanatona, ny harena mampisaraka; ny fietrena mampanakaiky, ny fiavononana mampanalavitra. Ny olon-drehetra afa manatona ny olontsotra, mahantra, madio fo. Ny fahantrana araka ny Evanjely no manafaka antsika "*mampiendaka*" antsika amin'ny sampy, amin'ny tsy ilaina, amin'ny "*fahoriana*".

Azon'i Don Orione tsara fa "Fiainana ny fahantrana" irery ihany no ahafahana mizotra amin'ny dian'ny Mpampianatra. Ny fahantrana no maha-'afaka, mampahalala-tanana, mampisokatra. Ny fo mahantra no mahay mangoraka, mizara, manampy ny hafa. Ny tena "*mahantra*" mahay mandray fa ny zava-drehetra dia fahasoavana, fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra, mahay mankasitraka amin'ny zava-drehetra ary mahafofy tsy misy tambiny, tsy misy fitiavan-tena, tsy mitandro hasasarana.

Amin'izay lafiny izay koa ny "*fahantrana*" (toy ny fahadiovam-po) dia mifandraika tanteraka amin'ny "*fitiavanamana*". Andriamanitra dia monina sy miasa ao am-pon'izay miendaka sy mahantra; Izy no vatosoa sarobidin'ny mahantra, rakitra izay manainga hanatona ny anadahiny sy ny rahavaviny ampitiavana izay nitiavan'Andriamanitra azy.

### **Amin'ny maha izy azy ny mahantra dia mahalala-tanana mizara**

Traikefa manaitra ahy foana io, rehefa mamangy ny firenena afrikanina aho. Ny fomban'ny olona mahantra mandray sy mankalaza ny fisian'ny vahiny manome ho azy ireo ny tolotra avy amin'ny fahantrany! Tsaroko tany Kenya, na Madagasikara na Côte d'Ivoire, misy filaharana be ataon'ny olona mitondra fanatitra rehefa misy vahiny na misy manao voady, samy mitondra akoho amam-borona, na fahatsiarovana manavaka ny firenena, atody na valopy misy vola... ireny ehtra ireny anefa ilainy amin'ny fivelomany, saingy eo anatrehan'ny soa toavina hoe fandraisana ny hafa, dia tsy mampaninona azy ny mamoy sy manolotra ankafaliana. Tsy ny ambinambiny no omeny, fa miendaka amin'ny tena ilainy! Fa eo am-pibanjinana an'i Jesoa ihany no hianarana izany toetra izany, mandray Azy ary Izy irery ho modely: "*Arakaraky ny hahazantsika maka tahaka an'i Kristy, izay tonga nahantra ary nampanankarena antsika tamin'ny fahantrany, no ahafahantsika miaina izay rehetra izay*"<sup>3</sup>.

Farany, ho an'i Don Orione, ny "*fanambadian'ny fikambanana ny fahantrana*" dia tena zava-dehibe iankinan'ny ainy. Izy ihany no nilaza fa: "Raha mbola tia ny fahantrana ny fikambanana dia ho velona, hitombo ary ho voatso-dranon'ny Tompo; fa raha tsy miaina ny fahantrana sy tsy mahantra intsony ny fikambanana dia hahavita intsony ny iraka nankinin'Andriamanitra aminy.....Aza milefaka ianareo, miorena

<sup>2</sup> PSMC, Costituzioni, Art. 27.

<sup>3</sup> Papa Francesco, Messaggio per la Quaresima 2014.

mafy: tazony mafy io toe-panahy io dia handroso ny Fikambanana, hamokatra sy hitombo tsara raha mbola ao anatin'ny fahantrana an-tsitrapo...." <sup>4</sup>.

### **Ao amin'ny sekolin'ny Mpampianatra**

Ry rahavavy malala, fanasana hentitra "*hiainga indray avy ao amin'i Kristy sy hiainana ny traikefa miaraka Aminy*"<sup>5</sup> ny karemy. Tsy azo iainana mihitsy ity fotoan-tsarobidy ity raha tsy amin'izay "*fiorenana*" ao amin'i Jesoa izay. Ny ivo dia tsy ny fivalozana, fifadihan-kanina, fahanginana....ny IVO dia JESOA KRISTY! Ny sisa rehetra, dia hisy dikany sy hamokatra raha toa ka i Jesoa irery sy ny haka tahaka Azy no iaingana sy tanjona itodihana, miendaka amin'izay rehetra tsy mahakasika an'i Jesoa, amin'izay rehetra tsy mifanaraka amin'ny fihetseham-pony sy ny Fomba fiainany.

Ny vakiteny atao ny Alarobian'ny Lavenona, nalaina tao amin'ny bokin'i Joely Mpaminany dia fanasana hentitra ho antsika: "*Miverena amiko amin'ny fonareo manontolo ombàn'ny fifadian-kanina sy ranomaso ary fitarainana. Ny fonareo no triatriaro, fa aza ny fitafianareo, dia miverena amin' ny Tompo Andriamanitrareo*" (Joely 2,12.)

"Miverena" amin'ny lalan'ny mpianatra àry isika, amin'ny dian'i Jesoa!

"Miverena" amin'ny sekoliny raha nanalavitra, na nanova ny ivon'ny fiainana isika, raha natakalontsika "rakitra" hafa "Ilay tena Rakitra"! Miandry antsika Andriamanitra satria tia antsika Izy: "*miandra sy mamindra fo Izy, malain-kitezitra sy be fitiavana, ary ny loza afitsony dia alahelovany*" (Joely 2,13)

Koa ndeha àry hanampakevitra amin-kerim-po vaovao isika ho ao an-"*Tsekolin'ny Mpampianatra*" sy hanao traikefa vaovao amin'ny "eritreriny, teniny, fihetseham-pony, fitondran-tenany, fihetsiny, safidiny...style de vie"<sup>6</sup>

Io no tena lalan'ny fibebahana marina hanasan'ny karemy antsika. Izany no atao hoe: "*ny fonareo rovitrovito fa tsy ny fitafianareo*"!

Ivereno tsarovana indray ny "eny"ntsika voalohany, tamin'ny namaliantsikany antson'i Jesoa hanara-dia azy akaiky kokoa; tsarovy ny andraikitra noraisinao an-kalalahana sy nianiananao am-pahibemaso tamin'ny alalan'ny voadin'ny fahadiovam-po, fahantrana, fanekena sy fitiavanamana. Miverena toy ny tena "mpianatra" marina amin'ny fanaran-dia an'i Jesoa ary aoka hidio isika amin'izao fotoan-tsarobidin'ny fahasoavana izao, ny karemy izany, ny endriny no tokony ho hita taratra eny amintsika.

Nofinofin'ny Papa ny Fiangonana "*mahantra sy ho an'ny mahantra*", fiangonana "*mahantra sy misionera*".

Irintsika koa ny Fikambanana "*mahantra sy ho an'ny mahantra*", Fikambanana "*mahantra sy misionera*", fa fanirina tokony ho teraka sahaday ao amin'ny tsirairay amintsika.

Ho jerentsika amin'izao fotoana izao, araka ny voalazan'ny Papa, ny fahoriana ara materialy, moraly sy ara-panahy. Avelao ho tantanan'ny soa toavina avy amin'ny Evanjely sy ny Karisma ny fiainantsika, ary ho tanterahintsika tsy amin-tahotra ny fandratsanana tokony atao, "*na marary aza*", ary ho tsaroantsika foana fa "*ny tena fahantrana dia ren'ny aina*", ny "*tena fiedahana*" dia maharary, ny tena "*fibebahana*" maharary! Tsy ilaina ny fibebahana mandeha ho azy, mifaly sy mionona amin'ny fivalozana tsotsotra ao amin'ny ankohonana, na indraindray hankelzina farany izay bitika, ndeha hiditra lalina anatin'ny indrindra: amin'ny fibebahana "*maharary*" sy "*ren'ny aina*!"

Ry rahavavy, fohy ny fotoana, tsapantsika izany eo anatrehan'ny aretina sy ny tahotry ny fahafatesana! Tsapako tamin'izao fotoana izao! Noho izany, ndao handroso miaraka isika, hiverina ao amin'ny Sekolin'i Jesoa, hibanjina Azy irery sy hiainga avy ao Aminy hanatona ny namana (anadahy sy rahavavy) hizara ny traik'efan'ny hafaliana sy ny hatsaran'ny famindram-po, ny famelana sy ny fitiavana marina sy mahitsy, traikefan'ny FITIAVANA manova sy mamin'Andriamanitra, ao amin'i Jesoa izay tonga toa antsika, ary tia antsika hatramin'ny farany. Fohy ny fotoana! Aza lanilaliana foana amin'ny zavatra tsy misy dikany, amin'ny teny sy ny asa tsy misy ilàna azy!

Manasa antsika rehetra aho amin'ity fotoana ity, handray an-tanana ny hafatryny Papa indrindra handray ny Lalampanorenana art 25 hatramin'ny 33, handinika sy hitsakotsako azy, hanao azy ho fitaovana enti-mamakafaka sy hampitahana ny fianan- tsamirery sy ny ankohonana; hanao organisation communautaire ka handray ny Art 34 sy 37 Norma jeneraly hita ao amin'ny Acte de XI C.G p.49, enti-

<sup>4</sup> PSMC, Costituzioni, Art. 33.

<sup>5</sup> PSMC, Atti XI Capitolo generale, Decisione sullo stile di vita, n. 1, pag. 44.

<sup>6</sup> PSMC, Atti XI Capitolo generale, pag. 44.

manao safidy araka ny "esprit" fa tsy "ara-bakiteny" fotsiny; safidy hanampy antsika hibebaka fa tsy fampiharana ety ivelany fotsiny.

Mifanampia isika amin'ity zotram-pibebahana sy fahamasinana marina ity.

Mety hanampy antsika ny fanontaniana sasantsasany, na amin'ny fandinihina samirery na miaraka amin'ny ankohonana:

1. inona no takian'ny tenin'ny Papa hoe: "fotoana tsara sady mety amin'ny fiedahana ny karemy"?
2. Inona "ireo" no tsy maintsy "hiendahiko" amiko?
  - Eo amin'ny lafiny materialy: Inona ireozavatra tsy ilaina, superflues, tsy misy dikany nefa ananako ao amin'ny efi-tranoko, biraoko, ato an-trano na ao amin'ny toeram-piasako....(objets, fitafiana, biby sns...)? Iza amin'ireo no tsy maintsy "esoriko" sy afoiko zaraina amin'ireo tena mila azy?
  - Eo amin'ny lafiny ara-moraly: ireo fahazaran-dratsy maharitra ao amiko sy afindrako amin'ny fifandraisako amin'ny hafa sy ny apostolika ( rabiraby, herisetra, famelezana, filan'ady an-teny, teny na fihetsika mifono tsy fahalalam-pomba sy tsy fanajana)? Iza amin'ireny no azoko"esorina" mba ahafahako miara-miasa ho an'ny soa iombonana?
  - Eo amin'ny lafiny ara-panahy: Inona ireo zavatra maka toeran'Andriamanitra sy ny vavaka (hevitra, eritreritra, fihetseham-po, asa, televiziona, ordinateur...), inona amin'ireny no manalavitra ahy amin'Izy Tompo sy amin'ny Fitiavany? Hatraiza ny toerana omeko ny "fitiavan-tenako" izay hanomezako lanja ny sitrapoko toy izay ny Azy?
3. manao ahoana ny fampiasako ny soa materialy atolotry ny Fitondran'Andriamanitra ahy? amin'ny lafin'ny sens d'appartenance manao ahoana sy fangaraharaha hatraiza no itantanako azy? ahoana ny amoahako ny kaotiko ary mametraka à disposition ny fikambanana /ankohonana izay fanomezana azoko na avy amin'ny zoako ve aho (karama, pension, cadeau, fanomezana...), manao izay hahtonga nofo ao amin'ny fiainako ny fiainan'ny mahantra sy ny tena toe-panahin'ny mpianakavy?
4. Hoy ny Papa hoe:" tsy matoky ny fiantrana tsy misy vidiny na tsy ren'ny aina aho". Fiainan-dRelijiozy fahantrana sy fahafoizan-tena manao ahoana no safidiko eo amin'ny andavan'androko? izay "maharary" ve sa izay"mahafinaritra sy tiako" ihany?
5. Hatraiza ny fandraisako andraikitra marina hanavaozako ny voadin dRelijioziko, sy hahatonga nofo ao amin'ny fiainako ny fahantrana,tsy hahasaraka azy, miaina azy an-kitsipo, tsy hoe tia azy fotsiny fa miara miasa hanorenana fiangonana/fikambanana "mahantra sy ho an'ny mahantra ary misionera"


**Ry Rahavavy malala**, fandinihina sasantsasany nataoko ireo, vokatry ny fahatsapako sy fihainoko ny zava-misy iainantsika (notre réalité). Matetika fahasahiranana sy ahiahy, eo am-pijerena ny fikambanana izay manakaiky ny faha-100 taona niorenany sy manana misiona lehibe sady tsara ao amin'ny Fiangonana. Miankina amin'ny tsirairay amintsika ny fikambanana, miankina amin'ny masera madinika iraky ny fitiavana tsirairay. Noho izany, mirary soa ho an'ny rehetra aho mba hifoha ao amin'ny tsirairay indray ny fitiavana an'i Kristy, ny fitiavana ny fikambanana, ny fitiavana ny Fiantsoana (vocation) izay azo sy noraisina an-kalalahana, ny fifankatiavana ao amintsika samy isika ary ny fitiavana ny mahantra.

Ka eo am-pibanjinana an'i Jesoa sy mametran-tena am-panetrentena sy ankalempanahy ao amin'ny sekoliny no ahahatongavantsika any amin'ny Paka amin'ny saina, fo, sy fanahy vaovao ary hanolotra ho an'ny fiangonana ny fanomezana ny fibebahantsika.

Masina Maria anie hitantana antsika amin'ity zotra ity. Izy ilay nitoetra mandrakariva teo anilan-Janany ihany koa anie hitoetra eo anilantsika sy hanoro lalana sy hankahery antsika.

Manao veloma antsika rehetra, ary matoky ny vavakareo hatrany aho ary miaraka ao amin'ny idealy iombonana dia ny fahamasinana

Ny rahavavinareo:

  
Sr. M. Mabel Spagnuolo  
Superiora generale